Tsy fitanana ny teny nomena 3
**Fositra mahapotika ny firenena ataon'ny fitondrana Rajoelina**

Lalambe migodana 2
**Tsy mazava ny fitsipi-dalao, asa peta-toko**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 15 desambra 2022 Laharana 1379 Vidiny : **600 Ar**


**Mpiaro zon'olombelona maro eto sy any ivelany** 2

Miantso ny mpitondra hanatsahatra ny fiampangana ireo mpiaro zon'olombelona


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Filoha Marc Ravalomanana 3

# Akaiky sy tsy misy elanelana amin'ny vahoaka hatrany







## Sofia : DAF voarohirohy ho namono olona 2

# Tsy rariny ny famoahana ny fonja azy hoy ny finakavian'ny maty




## Fifa World Cup 2022 5

# Be mpisafidy koa i Argentine amin'ny handrombaka ny amboara



**Ny Valosoa sy Mahasoa** 5

**Fisorohana ny AVC**

**"Ny Feon'Analamanga"** 6

**Hanatanteraka seho kanto faran 'ny herinandro**

**Daka kely**

Efa tena rambon'ialahy mihitsy i minisitra mama saosy ry Boaikely a !

MPIARO ZON'OLOMBELONA MARO ETO SY ANY IVELANY

# Miantso ny mpitondra hanatsahatra ny fiampangana ireo mpiaro zon'olombelona

Tokony hatsahatry ny fanjakana ny fiampangana an'ireo mpi- aro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly, hoy ny fikambanana maro miady amin'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona eto amintsika sy any ivelany, araka ny fanambarana nataon'izy ireo:

"Noho ny fotoana nankalazan'izao tontolo izao ny Andro Iraisam-pirenena hiadina amin'ny Kolikoly sy ny faha-24 taonan'ny fankatoavana ny Fanambaran'ny Firenena Mikambana momba ny Mpiaro ny Zon'olombelona tamin'ny andro 9 Desambra 2022, izahay, fikambanana sy olon-tsotra mpanao sonia eto ambany, dia manentana ny firenena mpikambana rehetra ao amin'ny Firenena Mikambana mba hampitsahatra ny fiampangana an'ireo mpiaro ny zon' olombelona miady amin' ny kolikoly, ary hanaja, hiaro, hampiroborobo ary hanatanteraka ny zon'olombelona rehetra, anisan' izany ireo miasa hampiroborobo sy hiaro ny zon'ny hafa sy hiady ary hanala sarona ny kolikoly.

Ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly (anatin'izany ny mpanao gazety, mpikambana ao amin'ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena, mpisintona lakolosy, ary ny hafa) dia manana anjara toerana lehibe amin' ny fisorohana sy ny ady amin'ny kolikoly ary ny fampiroboroboana ny zon' olombelona. Nandritra ny taona maro dia nandray anjara tamin'ny fanadihadiana sy ny fampiharihariana ny fanaovana kolikoly, ny fitakiana ny mangarahara, ny fandraisana andraikitra ary ny fiarovana ny zon'olombelona izy ireo. Tsikaritray anefa fa matetika tsy ekena ho mpiaro ny zon'olombelona ireo izay miasa hampiharihary ny kolikoly, ary mety tsy ho hitan'ny vondrom-piarahamonina mpiaro ny zon'olombelona ny ezaka ataon'izy ireo na heverina fa misaraka amin'ny asa momba ny zon'olombelona.

Marihina fa ny anjara asa sy ny fandraisan'anjaran' ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly amin'ny ezaka atao amin'ny ady amin'ny kolikoly dia efa eken'ny maro ao anatin'ny fitaovana iraisam-pirenena sy isam-paritra iadiana amin'ny kolikoly, anisan'izany ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana hiadivana amin'ny Kolikoly (UNCAC) nolaniana tamin'ny taona 2003. Ny UNCAC dia mitaky amin'ireo antokompanjakana hampiroborobo ny "fandraisana anjara mavitrika" an'ireo mpiaro ny ady amin'ny kolikoly, amin'ny alalan'ny "fanajana, fampiroboroboana ary fiarovana ny fahafahana mitady, mandray, mamoaka ary manaparitaka vaovao momba ny kolikoly" (Andininy faha-13). Ankoatr'izay, ny fanambarana ara-politika momba ny kolikoly nolanian'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana tamin'ny taona 2021 dia namafy ny fanoloran-tenan' ny fianakaviambe iraisam-pirenena hanaiky ny andraikitra lehibe amin'ny fikarohana, fisorohana ary ady amin'ny kolikoly ataon' ny fiarahamonim-pirenena, ny tontolo akademika, ny sehatra tsy miankina ary ny haino aman-jery.

Manahy mafy izahay ny amin'ny firongatry ny herisetra, fandrahonana, fanorisorenana, fampitahorana, fanafihana sy fanenjehana ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly ary ny tsy fisian'ny fanasaziana izany any amin'ny firenena maro. Ireo mpiaro ny zon' olombelona miady amin' ny kolikoly dia mbola miatrika loza mety hitranga aminy toy ny fanafihana ara-batana, fisamborana tsy ara-dalàna, ary fanenjehana noho ny fampiharana ny zon'olombelona, anisan'izany ny fahalalahana maneho hevitra, manao fikambanana ary mivory am-pilaminana. Ary ny fanjakana dia manohy mamoaka lalàna hamerana ny fahafahana hahazo vaovao nefa tsy manao hetsika mahomby hisorohana ny fanorisorenana, ny fandrahonana ary ny fanafihana an'ireo izay sahy manambara ny kolikoly sy ny fiantraikany amin'ny zon'olombelona, ary ny hitondrana ireo ahiahiana ho tompon'antoka eny anivon'ny fitsarana.

Marihina fa ny Rapporteur manokan'ny Firenena Mikambana momba ny toejavatra iainan'ireo mpiaro ny zon'olombelona dia namoaka tatitra vao haingana momban'ireo tranga maromaro momba ny herisetra, fandrahonana, fiampangana, fanorisorenana, fanafihana ary fanenjehana ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly. Araka ny tatitra, aman-jatony ny mpiaro eran-tany izay miatrika fanaratsiana, fiampangana heloka bevava, ary sotasota ara-pitsarana, ary isan-taona dia misy ireo novonoina noho ny asa am-pilaminana nataony ho fiarovana ny zon'ny hafa. Vitsy dia vitsy ireo nahavanon-doza noraisina ho tompon'andraikitra amin'ireny vono olona ireny, izay vao mainka namela ny tsingerin'ny famonoana hitohy.

Marihina ihany koa fa ny fanafihana sasany amin' ireo mpiaro ireo dia herisetra atao noho ny tsy fitoviana ara-pananahana ary maro ireo mpiaro no voampanga noho ny asany ao anatin'ny fotoanan' ny valan'aretina Covid-19 na ny ady amin'ny kolikoly miantraika amin'ny vondrom-piarahamonina misy azy ireo. Matetika koa ny vehivavy mpiaro ny zon'olombelona miasa manohitra ny kolikoly dia tsy noho ny zavatra ataony ihany fa noho ny maha-vehivavy azy.

Mbola mahazo tatitra momba ny fitomboan'ny fandrahonana sy ny fanafihana ireo mpiaro ny zon' olombelona miady amin' ny kolikoly izahay, anisan'izany ireo mpisintona lakolosy. Izany dia fanitsakitsahana mazava ny zon'olombelona eken'ny sehatra iraisam-pirenena ao anatin'izany ny zo fahafahana miaina, ny fahalalahana maneho hevitra, ny fahafahana manao fikambanana, ny zo fahafahana mivory am-pilaminana, ny zo fahafahana mahazo vaovao ary ny fahalalahan'ny haino aman-jery.

Ny fandrahonana, ny fampitahorana, ny fanorisorenana ary ny fanenjehana dia mampiseho ihany koa ny fanitsakitsahana ny adidy ara-dalàna ananan' ireo fanjakana eo ambanin'ny fifanarahana isankarazany momba ny zon' olombelona izay iraisan' izy ireo ho antokom-panjakana, ary mino izahay fa ilaina ny manaja, miaro, mampiroborobo ary manatanteraka ny zon'ny mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly, mba hiantohana ny fampiroboroboana sy fiarovana ny zon'ny olonkafa, ary hanatsarana ny fampiharana ny adidy ara-dalàna ataon'ny fanjakana eo ambanin'ny fifanarahana momba ny zon' olombelona sy ny ady amin'ny kolikoly izay iraisan'izy ireo.

Koa manao antso avo amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny Firenena Mikambana izahay mba:

• Hanangana tontolo iainana azo antoka, mba hahafahan'ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly, manatanteraka malalaka ny asany ao anatin'ny fanajana feno ny zon'olombelony sy ny fiarovana ny zon'olombelon'ireo olonkafa ary ny ady amin'ny kolikoly tsy misy tahotra valifaty;

• Hifidy sy hampihatra ny lalàna sy ny fepetra hafa ho fiarovana ny mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly, raha mbola tsy misy izany, ary atao mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona sy ny ady amin'ny kolikoly izany;

• Hanaja, hiaro, hampiroborobo ary hanatanteraka ny zon'ny tsirairay amin' ny fahalalahana maneho hevitra, fahafahana manao fikambana, mivory am-pilaminana ao anatin' izany ny zon'ireo miasa hampiroborobo sy hiaro ny zon'ny hafa sy hiady sy hanala sarona ny kolikoly, araka ny andininy faha-13 ao amin'ny UNCAC;

• Atsaharo ny tsimatimanota amin'ny alalan'ny fanadihadiana lalina, tsy mitanila, mahaleo tena, mangarahara ary mahomby, ireo tatitra momba ny fanafihana an'ireo mpiaro ao amin'ny fireneny, ary ny fitsarana ireo olona ahiahiana ho nanao heloka bevava, ary ny fiantohana ny rariny sy ny fitsaboana mahomby ho an'ireo niharam-boina."

• Manaiky ampahibemaso ny lanjan'ny asan'ireo mpiaro ny zon'olombelona miady amin'ny kolikoly ary miampanga ny fandrahonana sy ny fanafihana azy ireo, mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny UNCAC, ny Fanambaran'ny Firenena Mikambana momba ny Mpiaro ny Zon'olombelona, ary ny fifanarahana momba ny zon'olombelona, anisan'izany ny Fifanekena Iraisam-pirenena momba ny Zo Sivily sy Politika."

*Nangonin'Isambilo*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Lalambe migodana

### Tsy mazava ny fitsipi-dalao, asa peta-toko

Marobe ireo olona mitaraina momba ilay lalambe migodana Antananarivo- Toamasina izay tsy mazava io, simba ny tanimbary sy tanimboly isan-karazany, ireo tompon-tany indray no mivaky loha etsy sy eroa mikasika ny taratasin-tany samihafa. Tsy fantatra ny ara-dalàna momba ny famoaham-bola sy ny tany izay tiana alaina tsy arakaraky ny fifanarahana, ka mahatonga azy ireo hiantsoantso ny Bianco, ny Pac, ny antenimiera roa tonta, mba hanara- maso akaiky ity raharaha maizina ity :" Asa peta-toko hoy ireo izay mahita ".

Raha atao indray mijery dia ilay fotoam-pankalazana natao teny Talata Volonondry sy ilay 80km io, izay tian-ko vitaina mialohan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana 2023, no mahamaika an-dRajoelina hoy ireo izay sendra anay, mba ho toky feno fitaka izany vanim-potoana izany indray raha atao indray mijery izay ihany. Atao avokoa izay fomba tsy rariny rehetra ahafahana mamikitra amin'ny toerana ho an'ireo izay efa eo amin'ny fitondrana, nefa dia mibaribary izao, fa izy samy izy hatrany no efa mifamingana raha ireny toe-draharaha hita tao amin'ny Antenimierampirenena ireny, teo koa ny raharaha SMMC, ny tsy mazava misy eny amin'ny Ceni, ary indrindra moa fa ny governemanta Ntsay, izay efa malaza ratsy ity, be olona tsy mahazaka ny andraikiny. Manampy trotraka izany rehetra izany ny tsy fanekena hanao fihaonambe, fikaonan-doha hoentimanatsara ny lalàm-panorenana, ny lalàm-pifidianana izay efa kitoatoa hatramin'ny 2010 no mankaty. Raha fintinina dia ny fanatsarana ny fitsipi-dalao, no kendrena amin'izany rehetra izany, fa tsy ilay faha-5 mialohan' ny farany, na ilay laza ratsy mampalaza antsika aty Afrika momba ny resaka KOLIKOLY koa ohatra : resaka volamena,...

***Beharo***

Sofia: DAF voarohirohy ho namono olona

## Tsy rariny ny famoahana ny fonja azy hoy ny finakavian' ny maty

Roa andro tao am-ponja monja dia navoaka ny DAF ny faritra Sofia, nandona ka nahafaty olona tany Ambendrana , fokontany Ankiririky , kaominina Ambonivohitra Antsohihy. Manoloana izany, nampiakapeo ny fianakavian'ny maty, fa tsy rariny izao famoahana am-ponja ity tale ao amin'ny faritra nandona nahafaty olona ity, satria nandositra tsy hita izy tao aorian'ny fandonana, tratra ihany anefa rehefa natao ny fikarohana. Raha ny sabotsy izy no nampidirina tao amin'ny fonjan'ny renivohitry ny faritra Sofia, ny alatsinainy ihany dia efa navoaka. Iampangana azy anefa ny fandosirana, sy ny tsy fandraisana andraikitra tamin'ny olona nodoniny, izay tokony hisazy MD, na fampidirana am-ponja mandritra ny 8 volana. Taorian'ny fanadihadiana sy fidinana ifotony nataon'ny mpitsara mpanao famotorana ny sabotsy 10 Desambra 2022 teo dia noraisin'ny fitsarana mpanao famotorana ny fanapahan-kevitra mampiditra vonjy maika ity DAF ny Faritra Sofia ity , tokony ho tamin'ny 11 Ora alina . Olona roa no voarohirohy amin'ity raharaha ity , DAF ny Faritra Sofia izay efa naiditra am-ponja vonjy maika sy olona iray hafa izay tsy naiditra am-ponja fa nalefa nody tamin'ny fotoana iny.

Nampakatra ny raharaha teo anivon'ny rafitra misahana ny fitànana am-ponja ny Mpisolovava ny DAF momba ity raharaha ity , nisy araka ny fandinihana manokana nataon'ireo mpitsara mpikambana ao anatin'ilay rafitra ny alatsinainy 12 Desambra 2022 teo, ka nanapa-kevitra izy ny hanafoana ny fitànana am-ponja vonjy maika , araka ny fanazavana nataon'ny Lehiben'ny fampanoavana ao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany Antsohihy , Ramorasata Naivotodisoa Jessé. Tsy manaiky izao fanapahan-kevitra izao ny havan'ny maty, fa hitondra ny raharaha amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly, sy ireo mpiaro ny zon'olombelona.

***Ny Valosoa***




*Ny fitsarana ambaratonga voalohany any Antsohihy.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy fitanana ny teny nomena

# Fositra iray mahapotika ny firenena ataon'ny fitondrana Rajoelina

Miandry inona ny mponin'Antananarivo renivohitra, fa efa tenin'olon-dehibe, efa lahiantitra mihitsy aza, izao no niteny aminy ny amin'ny hanaterana ny fako any aminy, fa izy no tomponandraikitra amin'ny fako miandrona raha misy izany telo taona lasa izay, kanefa tsy nisy nanatitra. Efa nisy nitarika iny olom-pirenena iray, na dia niaro politika aza tsy maninona izany, fa ny fanatanterahana ny nifanarahana eto no tokony hajaina. Mila hajaina ny teny nomena, fa hafahafa ihany raha miseho ho olon-dehibe manan-kaja kanefa tsy mitana ny nambara ampahibemaso ho ren-tany ren-danitra. Tokony hisy teny malagasy mazava hamaritana ny toetran'olona manao toy izany.

Ny olana lehibe eto amin'ity firenena ity, dia ny tomponandraikitra tsy mitana ny teny nomeny an'ny vahoaka malagasy nifidy azy. Iaraha-mahalala tsara izany raha miresaka ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra Vazahabe, na ihany koa ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina. Maro teny nataon'izy ireo indrindra tamin'ny fampielezan-kevitra fa may ny te hahazo toerana fotsiny. Avy eo, aty aoriana zara raha misy notanterahina ny teny nambara. Raha tsy hilaza afa-tsy ny toy ny hoe hiova endrika, hadio amin'izay Antananarivo, hilamina ny mponin'Antananarivo satria mitovy loko amin'ny filohan'ny repoblika ny tenany, sns... Aiza anefa izao ity renivohitr'i Madagasikara ity? Renivohitra anisan'ny maloto indrindra aty Afrika. Toy izay koa ny an'ny filohan'ny repbolika. Nampilendalendaina ny vahoaka malagasy, fa hihatsara ny fari-piainana anaty fotoana fohy, ho mora ireo entana fanjifan'ny mponina andavanandro, ho foana ny delestazy, sns… marobe tsy voatanisa. Ankehitriny, ny Malagasy no vahoaka faraidiny indrindra maneran-tany, tafakatra 85% ny tahan'ny fahantrana, ary tsy hita soritra velively mihitsy izay fanantenana ny amin'ny hihatsaran'ny fari-piainany.

Moa tsy miendrika famitaham-bahoaka tsotra izao ve izany? Ary ho hatraiza izay famitaham-bahoaka izay, indrindra miditra indray amin'ny rivotry ny fifidianana 2023, izay efa tsy andrin'ny ny eo anivon'ny fitondrana ka misy hatrany ny fangalarana fiaingàna amin'ny fampielezan-kevitra ataony efa volana maromaro lasa izay. Manoloana izany, mitazan-davitra sy milalao tanana fotsiny ny eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na (HCC), amin'ireo fanitsakitsahana ny lalampanorenana. Tsy manan-kambara na tsy ahitan-teny ireo lazaina ho sehatra miady amin'ny kolikoly manoloana ireo tranga samihafa anaovana fitarainana na efa iarahan'ny besinimaro mahita izao. Etsy ankilany, rotiky ny tsy fandriampahalemana ny fiainam-bahoaka, ary tsy maharesy tosik'izany ireo lazaina ho mpitandro filaminana hatreto, sns... Izay sisa no niafaran'ilay firenena ary mampanahy ny hoaviny. Ny antony fototra iray lehibe amin' izany, ny tsy fitanana ny teny nomena… fa zavatra hafa indray no ezakezahina rehefa tonga eo amin'ny toerana.

***Sôh'son***

Etazonia, tetikasa Andao hifidy

# Hampiroborobo ny fandraisan'ny mpifidy anjara amin'ny fifidianana

Miara-miasa i Etazonia sy i Madagasikara amin'ny fanamafisana ny andrimpanjakana demokratika malagasy mialoha ny fifidianana amin'ny taona ho avy, amin'ny alalan'ny tetikasa vaovao ho fanohanana ny fifidianana.

Natomboky ny Sampandraharaha Amerikana ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID), ity hetsika vaovao ity, ka hanampy amin' ny fampitomboana ny fahalalan'ny besinimaro ny foto-kevitra demokratika, ny zo sy ny andraikitra manoloana ny fifidianana, ary ny fahalalan'ny olompirenena tsirairay momba ny fomba fandatsahambato. Hampiofana ny haino aman-jery sy ny firaisamonim-pirenena ihany koa ny tetikasa mba hamantatra, hitatitra ary hanohitra ny vaovao diso mandritra ny zotram-pifidianana.




*Ny fampahafantarana ny tetikasa : Andao hifidy, iarahana amin'ny Amerikana.*

Nanatevin-daharana ny Filohan'ny Komity Mahaleotena Mikarakara Fifidianana (CENI), Andriamatoa Arsène Andrianarisedo, ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Ramatoa Anne N. Williams ny 12 desambra teo nampahafantatra ny tetikasa "Ndao Hifidy". Ny tetikasa, izay haharitra 18 volana ary mitentina 1,2 tapitrisa dolara (MGA 5,3 miliara), dia hiompana amin'ny fanabeazana olompirenena. Natao izany mba hampiroboroboana ny fahalalana sy ny fahatokisan'ny olom-pirenena ny zotram-pifidianana sy ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana 2023. "Atao laharam-pahamehana ny fanabeazana olom-pirenena satria hanampy amin'ny fampitomboana ny isan'ny mpandray anjara amin'ny fifidianana izay antenaina hizotra araka ny tokony ho izy," hoy Ramatoa Williams. "Ity tetikasa ity dia manampy ny Malagasy handray fanapahan-kevitra voahevitra tsara momba izay olona irin'izy ireo hitondra ny fahefana.

Ndao Hifidy dia hotanterahan'ny Institut électoral pour une démocratie durable en Afrique (EISA). Ny EISA dia miasa amin' ny fampiroboroboana ny fifidianana azo antoka, ny demokrasia andraisan'ny rehetra anjara, ary ny kolontsain'ny zon'olombelona, sady manamafy ihany koa ny fitantanana sy ny demokrasia aty Afrika. Miara-miasa amin'i Madagasikara toy ny « mpiralahalahy mianala » ny governemanta amerikana mianala mba hanamafisana ny mangarahara, hampiroboroboana ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin'ny dingana demokratika, ary hanatsarana ny fanjakana tan-dalàna. Nanomboka ny taona 2019, nanome 7 tapitrisa dolara ny USAID hanohanana ny demokrasia sy ny fitantanana eto Madagasikara.

***Niaina***

FILOHA RAVALOMANANA

# Akaiky sy tsy misy elanelana amin'ny vahoaka hatrany



*Ny filoha Ravalomanana tany Alakamisy Ambohimaha.*

Vita soa amantsara ny fankalazàna ny tsingerintaona nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Fianarantsoa, ny alatsinainy 12 desambra lasa teo. Teo ihany koa ny nanaovan'ny antoko TIM ny kogresimparitra ho an'ny faritra Matsiatra Ambony. Talanjona ny rehetra, fa na andro alatsinainy fiasana sy fianarana aza dia tsy nahasakana ireo mpikatroka TIM marobe, sy ireo fikambanana maro ary olon-tsotra izany andro alatsinainy izany. Rehefa vita izany dia nitodi-doha hody taty an-drenivohitra ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo delegasiona niaraka taminy . Tamin'ny lalana izay nandalovany toy ny tao Alakamisy Ambohimaha, Ambohimahasoa, Camp Robin,… dia tsy nandalo fotsiny ny filoha Marc Ravalomanana, fa nitafa sy nijery ny olana mahazo ireo mponina tamin'ireo tanàna ireo. Toy ny ray amandreny sy zanaka izy ireo tamin'izany, ka dia nilaza ny tao ampony ireto farany . "Mijaly zahay Dada, mila anao miverina eo amin'ny fitondràna izahay. Manjaka ny tsy fandriampahalemana, ny ankizy tsy mianatra, sarotra ny fiainana ary tsy misy fijerena ny sosialim-bahoaka. Tamin'ny fotoana nitondrànao mora ny sakafo toy ny vary, nisy ny fitsinjovana anay tantsaha amin'ny resaka zezika. Izao izahay tsy misakafo ara-dalàna intsony satria ny varotra kely izay atao, tsy misy mpividy." Nampiseho ny maha tantsaha azy ny filoha Marc Ravalomanana, ka tena nihaino ny fitarainan'izy ireo ny tenany . Aza matahotra hoy izy, fa mbola ho avy ny fotoana hijerena anareo, fa mila maka fahefana isika amin'ny alalan'ny fifidianana madio raha te ho afaka amin'izao fahasahiranana izao. Teto dia nampisehoan'ny filoha Marc Ravalomanana ny maha tantsaha azy, ka tsy tantiny ny nahita ireo tanora niasa tany rehefa nandalo tao Ambohimahasoa ny tenany . Avy hatrany izy dia nirotsaka nanampy ireo zatovolahy, ka nampiseho azy ireo ny fahaizany miasa tany ary ny nanoroany ny zavatra tokony hatao amin'ny resaka fambolena. Hita taratra tamin'ny zava-nisy nandritra ny dian'ny filoha Marc Ravalomanana tany Ambohimahasoa iny, fa tena mifandray am-po amin'ny vahoaka Malagasy izy . Tsy nisy ny elanelana teo amin'ny roa tonta, fa tena mifampiresaka ohatra ny zanaka sy ray amandreny .

***Helisoa***

## TONONKALO

### RY SOLOMBAVA MARO AN`ISA

Hay ve depiote voageja fa tsy manana safidy
Ireto mba mirehareha ho maro an`isa eto an-tanàna ?
Mpanambola no mibaiko , mpanambola no mandidy
Dia mifitsaka tanteraka , eny , hatramin`ny vavàna ?

Izany ve no mba voafidy hitondra tenin`ny vahoaka,
Nefa vola no tompoina , vola no iankohofana ?
Raha vao hoe voakitikitika na ny seza na kapoaka
Dia ny mpanambola hatrany no elobe atao hialofana ?

Dia ahoana ireo vahoaka nolazaina fa arovana,
Nefa maro no efa reraka , efa tsy mihinan-kanina ?
Sao ny eny Tsimbazaza no efa feno fahalovana,
Fa voatampina ny vavany ka dia modimody fanina ?

…Mpanara-maso ve `nareo sa tena hoe mpanaraka efa
Ka izay hahazoana vola no hany tena tarigetra ?
Mandiniha raha fomba ambany , ratsy sy mirefarefa,
No ampiasainareo voafidy eo amin`ny sehatra rehetra !

***TSIMIMALO (12-12-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny akon'ny kongresim-paritry ny antoko TIM faritra Matsiatra Ambony, natao tao amin'ny Espace Royal any Bateravola Fianarantsoa.









Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM Amoron'i Mania tao Ambositra, ny talata teo.









## NY TENY FIAINANA

*Ary ianareo dia manana alahelo ankehitriny, nefa hahita anareo indray Aho dia ho faly ny fonareo, ary tsy misy olona afaka manaisotra ny fifalianareo aminareo.*
***Jaona 16 : 22***

### Athletisma “Trail Court de Villèle 2022”

# Nahery ny Malagasy tamin’ny andiany faha-3

Nahery ireo Atleta Malagasy teo amin’ny fifaninanana athletisma “Trail Court de Villèle 2022” andiany faha-3, nokarakarain’ny klioba ara-panatanjahantena Saint-Paul, niarahana tamin’ny sampandraharahan’i La Réunion, ny Faritra La Réunion ary ny ligin’ny atletisma nosy La Réunion izay notontosaina tamin’ny alahady 11 desambra 2022 lasa teo na teo amin’ny sokajy lehilahy izany na teo amin’ny sokajy vehivavy. Lasan’ ny atleta Malagasy avokoa ny laharana voalohany tamin’ireo sokajy ireo ary ny sokajy lehilahy aza dia Malagasy avokoa no niakatra teo ambony “podium”. Marihana fa halaviran-dalana 22,88 km amin’ny haavo +910 m no nodiavin’ireo mpifaninana tamin’ity Trail de Villèle 2022 ity izay niainga tao amin'ny “Quai Gilbert” tao an-tanànan'i St-Paul ka niafara teny amin’ny tranombakok’i Villèle . Mpihazakazaka nahatratra 650 mahery no nandray anjara tamin’ny fifaninanana tamin’ity 2022 ity. Vokatra ankapobeny Sokajy lehilahy : • 1er Hobilalaine Andrianirina 01 :41:37 • 2ème Fulgence Rakotondrasoa 01:43:22 • 3ème Jean Mampitraotsy 01:51:26 Sokajy vehivavy : • 1ère (18) Nathalie Rasoariniaina 02:08:07 • 2ème (20) Emilie Maroteaux 02:08:21 • 3ème (37) Nancy Razafindrafara 02:17:07 Marihana fa amin’ny asabotsy 17 desambra 2022 ho avy izao dia mbola handray anjara amin’ny hetsika “ Meeting d’Athlétisme de la Réunion 2022” izay ho tontosaina ao amin’ny kianja « Stade Paul Julius Benard » any St-Paul ireo atleta Malagasy ao anatin’ny delegasiôna lasa any La Réunion.


*Ireo Athleta Malagasy nisongadina tany La Réunion.*

**Rainilita**

### « Fifa World Cup 2022 »

# Be mpisafidy koa i Argentine amin’ny handrombaka ny amboara

Ho tanterahana ny alahady ho avy izao ny famaranana ny Mondial 2022 eo amin’ny baolina kitra atao any Qatar, anisan’ny be mpankafy handrombaka ny amboara koa i Argentine, izay nandavo an’i Croatie tamin’ny isa 3 no ho 0, tamin’ny lalao ankatoky ny famaranana. Fa ankoatra izany, mitantara baolina koa ny depiote Miara-Manonja. Tsy ny fantentanana ny fandaharana Miara-Monja ihany no sahanin’ireo depiote TIM miandraikitra an’izany, fa ankoatra ny fanohanana’izy ireo amin’ny lafiny rehetra ny fitantarana mivantana an’ireo lalao “Mondial 2022” tontosaina any Qatar dia misy ihany koa amin’izy ireo ny mandray anjara mivantana amin’izany fitantarana ny baolina kitra mandeha any Qatar izany ao amin’ny Radio Mbs toy izay nataon’ny Depiote Andriamampandry Todisoa voafidy tao amin’ny boriborintany faha-6 tamin’ny fihaonanan’i Argentine sy Croatie tamin’ny lalao ankatoky ny famaranana notontosaina tao amin’ny kianja “Lusail Iconic Stadium” tamin’ny talata 13 desambra 2022 lasa teo ka nandresen’ny tarik’i Messi an’ny tarik’i Luka Modrić 3 noho 0 be izao, baolina matin’i L. Messi 34’, J. Alvarez 39’, 69’. I Argentine araka izany no hifandrina amin’izay nandresy teo amin’i France sy Maroc omaly alarobia 14 desambra 2022 eo amin’ny lalao famaranana izay ho tontosaina ao amin’ny kianja « Stade de Lusail » amin’ny alahady 18 desambra 2022 ho avy izao. Marihana fa fanin-6 izao no hiatrika ny lalao famaranana ny Albiceleste (1978, 1986, 1990, 2006, 2014, ary 2022) ary fanin-5 kosa’i Lionnel Messi no nandray anjara tamin’ny “Mondial” (2006, 2012, 2014, 2018 ary 2022) ka miandrandra mafy ny hanandratra ny amboara amin’io alahady io.



*Depiote Andriamampandry Todisoa mitantara baolina.*

**Rainilita**

### “Nba Academy Women’s Camp Afrika 2022”

# Tao anatin’ireo 25 nandray anjara i Taratra sy Joanie

Anisan'ireo mpilalao vehivavy Malagasy voaantso manokana nandray anjara tamin'ity fiofanana “Nba Academy Women’s Camp Afrika 2022” nandraisan’ireo sangany aty Afrika niisa 25 avy amin’ny firenena niisa 11 i Ramahatra Taratra Murielle sy Rakotonanahary Joanie Anyssa izay samy mpilalao avy amin'ny Ekipam-pirenena malagasy ANKOAY zazavavy. Nandritra ny 4 andro (ny 5 ka hatramin’ny 8 desambra 2022) no nanatanterahana tany Saly - SENEGAL an’ity hetsika ity ka ny NBA sy NBA Africa no nikarakara ny hetsika ary ireo Teknisiana sy mananam-pahaizana, Mpanazatra manan'ny lazany ary mpilalao Vehivavy matihanina amin’ity taranja basikety ity no nitarika ny fiofananana. Ireto avy izy 25 vavy nandray anjara tamin’ny hetsika : Die Diop (Sénégal), Fatou Corréa (Sénégal), Ndickou Matar Diop (Sénégal), Penda Dieng (Sénégal), Seynabou Mbaye (Sénégal), Adja Hinedou Ndiaye (Sénégal), Reatlegile Taukobong (Afrique du Sud), Arwa Ghorbel (Tunisie), Patience John (Nigeria), Franca Iyamah (Nigeria), Bright Eze (Nigeria), Ayah James (Nigeria), Shanaya Matusse (Mozambique), Lurdes Bata (Mozambique), Albertina Matsinhe (Mozambique), Aya El Kallali (Maroc), Fatoumata Samake (Mali), Rakotonanahary Joanie Anyssa (Madagascar), Taratra Murielle Ramahatra (Madagascar), Salma Khedr (Egypte), Malak Elalfy (Egypte), Injy El Ghayesh (Egypte), Hannah Dibadjou (Cameroun), Gisele Kipo (Cameroun), Marie Ann Dakuyo (Burkina Faso).


*Fiofanana basikety tany Sénégal.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anamamy** indray no laoka amin’ny sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fisorohana ny AVC

Fisorohana ny AVC, na fahatapahan’ny lalan-drà any amin’ny atidoha indray, no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany. Ny AVC : Accident Vasculaire Cerebral, ny fomba fitrangany :


- Volivoly ny tarehy , sandry , tanana , tongotra na ny ilan’ny vatana.
- Miraikitra ny lela rehefa miteny , tsy afaka miresaka.
- Manjavona ny maso.
- Tsy afaka mandeha , tsy afaka mitsangana.
- Fanina.
- Marary loha.

Ireto no anisan’ny antony lehibe mahatonga azy:

- Tosi-drà ambony.
- Tahana cholesterole ambony.
- Diabeta
- Tavy.
- Fifohana zava-mahadomelina.

Ny fomba hisorohana azy:

- Mihinana sakafo be omega 3.
- Mihinana tongolo gasy matetika, tamotamo.
- Manao fanatanjahantena, manetsika vatana.
- Mihinana sakafo be vitamine E.
- Lanjalanjaina ny sakafo hanina.
- Tsy mihinana siramamy be loatra.
- Tsy mifoka zava-mahadomelina .
- Sakafo tsara hohanina : epinard , voa maina , yaourt, trondro , tômaty , ampongabendanitra , zavokà, noix , amande , legioma maitso, atody , menaka oliva , dite maitso.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan’i Sabotsy Anjiro any amin’ny distrikan’i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan’i Sabotsy Anjiro any amin’ny distrikan’i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sabotsy Anjiro ity tanàna ity iray amin’ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan’i Moramanga. Any atsimo andrefan’ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 983 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Lalovan’ny lalamby TCE, mampitohy an’Antananarivo sy Toamasina ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny akondro, ny letchi, ny manga. Ny haninkotrana toy ny mangahazo sy katsaka.






ETAZONIA

# Manamafy ny rafi-pahasalamana hamonjena ny ain'ny reny sy ny zaza eto amintsika

Manampy an'i Madagasikara hameno ny banga eo amin'ny fikarakarana ara-pahasalamana i Etazonia amin'ny alalan'ny tetikasa vaovao izay manampy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny famolavolana paikady mifanaraka amin'ny zavamisy eto amin'ny firenena. Hanakaiky kokoa ireo mponina izay mila fitsaboana nefa lavitra tobim-pahasalamana ny tetikasa, hampihenana ny taham-pahafatesan'ny zaza sy ny reny, hiady amin'ny COVID-19 sy hampitombo ny isan'ny olona vita vaksiny, ary hampihena ireo karazan'aretina izay mety hahafaty ny zaza nefa azo sorohina.

Tamin'ny 13 Desambra 2022, ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID) dia nanokatra ny tetikasa MOMENTUM Country and Global Leadership (MCGL) tamin'ny fomba ofisialy, hetsika iray izay hampitombo ny vokatra ara-pahasalamana any amin'ny faritra 15 eto amin'ny firenena.




*Ny fanokafana ny tetikasa MOMENTUM Country and Global Leadership (MCGL) eto amintsika.*

"Ny tetikasa MCGL dia hanampy ny Ministeran' ny Fahasalamam-bahoaka hamolavola politika, paikady ary fitaovana hanatsarana ny fandaharan'asan'ny fanjakana momba ny fahasalamam-bahoaka eto Madagasikara", hoy ny Tale Lefitry ny Biraon'ny Fahasalamana eo anivon'ny USAID/ Madagasikara, Dr. Haja Razafindrafito nandritra ny lanonana fanokafana ny tetikasa. "Ny tanjona dia ny hameno ireo fandaharanasa momba ny fahasalamana efa misy mba hanatsarana tanteraka ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza any amin'ny faritra tsy afaka misitraka tolotra ara-pahasalamana feno eto amin'ny firenena."

Ny tetikasa dia hampiditra fanavaozana toy ny "Human Centered Design", fomba iray hanampiana ireo tompon'andraikitra ara-pahasalamana hihevitra ny fotoana sy ny toerana itadiavan'ny olona tolotra ara-pahasalamana sy ny fomba hanatonana ankizy bebe kokoa amin' ny fanaovana vaksiny efa mahazatra. Nanomboka ny taona 2020 dia nihena ny tahan'ny fanaovana vaksiny mahazatra ho an'ny ankizy eto Madagasikara, noho ny tsy fahampian'ny fahazoana fitsaboana any ambanivohitra.

Ny MCGL koa dia hampiofana ireo mpanome tolotra ara-pahasalamana tsy miankina amin'ny fenitra nasionalin'ny fitantanana ny vaksiny COVID-19 ary hampitombo ny isan'ny tobimpitsaboana tsy miankina omena alalana hanome vaksiny.

Ny MCGL dia ampahany amin'ny hetsika MOMENTUM maneran-tany mandritra ny dimy taona izay mitentina 200 tapitrisa dolara mba hanomezana fanampiana ara-teknika sy hanamafisana ny fahaizamanao ho an'ny firenena miisa 19 ary hanatsarana ny vokatra ara-pahasalamana ho an'ny vehivavy sy ny ankizy. Izy io dia ampiharin'ny Jhpiego, fikambanana iraisam-pirenena momba ny fahasalamana mifandray amin'ny Oniversite Johns Hopkins.

Mifanindran-dalana amin'i Madagasikara toy ny 'mpirahalahy mianala' i Etazonia ho fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka malagasy. Izy no mpamatsy vola lehibe indrindra amin'ny lafiny fahasalamana eto Madagasikara, izay mitentina 440 tapitrisa dolara mahery nanomboka ny taona 2015.

**Stefa**

Tarika Taratrin'ny Mazava

# Feno ny programa ho an'ny fampisehoana amin'ny taona 2023

Mihazakazaka mametraka famandrihana mialoha ireo mpikarakara fampisehoana ara-pilazantsara ho an'ny taona 2023, satria betsaka ireo mpankafy ny Tarika Taratrin'ny Mazava mangataka seho sehatra eny anivon'ny Fiangonana. Nilaza Andriamatoa Ralaiarimanana mpiandraikitra ny Tarika Taratrin'ny Mazava, fa tokony hanatona mialohan'ny fotoana ireo olona maniry hiarahiasa amin'ity tarika ity, mba hahafahana manamboatra ny fandaharam-potoana, hisorohana ny fahadisoam-panantenana amin'ny fadraisana anjara amin'ny hetsika ara-pilazantsara izay ho karakaraina. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ralaiarimanana, fa hanafana ny lanonana fankalazana ny faha 20 taona nitorian'ny Mpitandrina Rajerison Nirina ny filazantsara tao amin'ny Fjkm Ambohidaniera Synodamparitany Atsinanana sy ny manodidina ny tarika, amin'ny Alahady 19 Desambra 2022 ho avy izao ary hitodi-doha any an-tanindrazana hamita ny Krismasy ny tarika amin'ity taona 2022 ity. Nanohy fanazavana ny mpandrindra ny Tarika Taratrin'ny Mazava, fa hitohy ny hetsika fampaherezana sy fampifaliana ny vahoaka ataon'ny Tarika Taratrin'ny Mazava, satria hanatanteraka hetsika sosialy amin'ny alalan'ny fizarana sakafo ho an'ny mponina any Ambohidaniera sy ny manodidina ny Tarika Taratrin'ny Mazava mandritra ny ny fetin'ny faran'ny taona sy ny taom-baovao ho avy izao ireto farany. Tsiahivina fa fahombiazana ny fampisehoana ara-pilazantsara, ho fankalazana ny faha 20 taona nijoroan'ny Tarika Taratrin'yy Mazava, izay natao tetsy amin'ny Ccesca Antanimena, satria betsaka ireo mpankafy nanohana ny antso notronin'ireo mpanakanto ara-pilazantsara maro be. Marihina fa nahavita rakin-kira andiany faha-6 ny tarika tao anatin'ny 20 taona ary tanora miisa 200 no efa novolavolain'ny tarika, izay mpanakanto feno no sady manana ny maha izy azy avokoa ireto farany.

**Franck Razakambelo**



*Ny Tarika Taratrin'ny Mazava.*

Barea Chan vs La Réunion

# Efa miomankomanana fatratra avokoa



*Barea Chan eny Carion.*

Efa vonombonona fatratra sy efa mihomankomana avokoa ny ekipan'ny Barea Chan sy ny ekipa voafantin'i La Réunion (Mpilalao Malagasy sy Frantsay milalao ao La Réunion) amin'ny hiatrehan'izy ireo ny lalaom-pirahalahiana ho tontosaina etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina amin'ny asabotsy 17 desambra 2022 ho avy izao hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro. Efa tazana nanatontosa ny fanazarantena tao amin'ny Kianja Annexe Mahamasina ireo mpilalao Malagasy avy atsy amin'ny nosy La Reunion ho fanomanana an'izany fihaonana izany ary ireo mpilalaon'ny Barea Chan kosa dia efa nanomboka tamin'ny alatsinainy 12 desambra 2022 lasa teo no niatrika fampivondronana eny amin'ny Centre Technique Carion .

**Rainilita**

Tarika "Ny Feon'Analamanga"

# Hanatanteraka seho kanto faran 'ny herinandro

Seho kanto faran'ny herinandro amin'izao ankatoky ny fankalazana ny Krismasy sy fandraisana ny taona vaovao izao, no atolotry ny Tarika NY FEON'ANALAMANGA hoantsika, hiangalian'izy ireo ny Hiran'i Naka RABEMANANTSOA, sy ireo mpamoronkira andrarezina amin'ny hira teatraly, na antsoina hoe KALONAY FAHINY, toa an'i ANDRIANARY RATINARIVO, RAJORO, sns… Hetsika fanaon-dry zareo isaky ny faran'ny taona toy izao, ka anasany antsika hanotrona azy ireo ao amin'ny IVOKOLO (CMDLAC taloha), ny harivan'ny ZOMA 16 DESAMBRA 2022 hanomboka amin'ny 6 ora hariva . Tsara marihina fa ny FEON'ANALAMANGA dia zaza mpandimby an'i Naka Rabemanantsoa, misy taranany mpikambana ao amin'ny tarika. Efa antaonany maromaro no nijoroan'ny tarika izay miezaka manandratra ny Hira Ba gasy, sy mitaiza ireo zandry zanaka aty aoriana hankafy sy hihaino ny Kalonay fahiny. Koa inoana fa ho tonga maro isika satria Seho Tokana io . Ny karatra fanasana dia azonao raisina any amin'ireo mpikambana na eny antoerana ny tolakandron'ny fampisehoana. Koa manasa antsika tsy ankanavaka.

**Ny Valosoa**



*Ny tarika Ny Feon'Analamanga.*

Lalaon'ny tanora CJSOI andiany faha-12

# Nisongadina ny athleta Réunionnais

Nifarana tamin'ny alahady 11 desambra 2022 lasa teo ny andiany faha-12 amin'ny lalaon'ny tanora « CJSOI » izay notanterahina nanomboka tamin'ny 4 desambra 2022 lasa teo tany Maorisy. Tanora efa ho 900 eo ho eo 14 ka hatramin'ny 17 taona nibanjina ny Tanjona hampirobo-robo ny finamanana sy firahalahiana eo amin'ny tanora aty amin'ny ranomasimbe Indianina avy atsy Kaomoro, Djibouti, Mayotte, Maorisy, La Réunion ary Seychelles izay tsy nisy Malagasy no nifandona tamin'ny fifaninana ara-panatanjahantena ( atletisma, fanatanjahantena natokana hoan' ireo manana fahasembanana sy ny fanatanjahantena adaptatera, ny beach handball, ny ady totohondry, ny futsal, ny fibata, ny lomano, tsipy kanetibe, tenisy, tenisy ambony latabatra, sambo ary « e-sports ». Nisy ihany koa ny singa ara-kolontsaina miaraka amin'ny seho antsehatra sy mozika. Nisongadina tamin'ny ankapobeny ireo atleta Réunionnais izay tafavoaka ho laharana voalohany tamin'ity hetsika ity fa nibata medaly niisa 142 nettiny nody tany aminy (57 ny volamena, 56 ny volafotsy ary 29 ny alimo). Nitana ny laharana faha-2 i Maurice nahazo medaly 138 ary faha-3 i Seychelles nahazo medaly 45.



*Mpilalao Réunionnais nody tany aminy.*

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**10/12/2022 hatramin'ny 1è/12/2022**

**- NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana)
020 22 370 03/034 22 370 03

**- SOANDRY** (Behoririka près de Luxor)
020 22 228 37 / 033 11 650 36 / 034 98 379 12

**- HANITRA** (Ankorahotra)
020 22 312 81/020 22 350 80

**- MAMY** (67HA Nord Est)
020 22 318 21/ 033 74 154 87/ 032 26 859 84

**- TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary)
020 22 264 41/034 11 264 41/ 034 11 264 42/034 11 264 50

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1379-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MANAM-PAHAIZANA AMERIKANA**

# Manampy ho amin'ny kalitaon'ny rivotra eto amintsika

Manampy an'i Madagasikara hamantatra kokoa ireo endrika isehoan'ny fahalotoan'ny rivotra iainana sy ny ambana aterak'izany manerana ny Nosy ireo manam-pahaizana manokana avy amin'ny governemanta amerikana. Efa ho Malagasy iray ao anatin'ny telo no maty aloha loatra nohon' ny loton'ny rivotra iainana. Ny antsasamanilan'ireo fahafatesana ireo dia vokatry ny fahalotoan'ny rivotra iainana avokoa. Mampitombo ny tahan'ny aretina sy fahafatesana eto an-toerana ny fiainana anaty rivotra, rano ary tany maloto, araka ny voafaritra ao anatin'ny Drafitr' Asan'i Madagasikara momba ny Fahasalamana sy ny Fahalotoan'ny Rivotra Iainana.
Nisy ny fanarahamaso nitety vohitra ny kalitaon'ny rivotra iainana nataona ekipana manampahaizana manokana amin'ny sehatry ny tontolo iainana, ny fahasalamana ary ny zon'olombelona notanterahina ny 25 novambra hatramin'ny 8 desambra lasa teo, teto an'Antananarivo hatrany Taolagnaro. Ny Dr. Linda Geiser avy amin'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Ala sy Dr. Lova Marline avy amin'ny Fikambanana Vahatra – Kew Madagascar Conservation Center no nitarika izany fanarahamaso izany.
Nanentana ny amin'ny maha-



*Manam-pahaizana Amerikana sy Malagasy, mandrefy ny fahalotoan'ny rivotra.*

zava-dehibe ny kalitaon'ny rivotra iainana izy ireo nandritra ireo andiana famelabelaran-kevitra natao tao amin'ny Oniversiten'i Fianarantsoa, sy tao amin'ny American Corner Taolagnaro, ary teto amin'ny Masoivoho Amerikana teto Antananarivo. Nandritra izany izy ireo dia nampirisika ireo olom-pirenena siantifika mba handrefy ny loton'ny rivotra iainana ary koa ireo fokonolona sy oniversite mba handray anjara amin'ny ezaka fanarahamaso ny kalitaon'ny rivotra. Nitondra fitaovam-pandrefesana ny kalitaon' ny rivotra, napetraka teo ambony tafon'ny fiara nentiny ny ekipa nahafahany nandrefy ny kalitaon'ny rivotra tamin'ireo faritra nolalovany niainga teto Antananarivo ka hatrany Fianarantsoa, ary nanaraka ny morontsirak'i Mananjary ka hatrany Taolagnaro. Norefesin'izy ireo ihany koa ny kalitaon'ny rivotra ao anatin'ny faritr'ala tao Ranomafana, sy Manombo ary Nahampoana. Mitsidika an'i Madagasikara i Dr. Geiser mba hiara-hiasa amin' ireo manam-pahaizana Malagasy manokana toa an'i Zo Rakotomavo, mpamantatra ny toetry ny andro, sy Dr. Lova Marline, mpikaroka, izay mitarika ny fampiasana ireo fitaovam-pandrefesana hoentimamantatra bebe kokoa ny loharano, ny refy, ny singa mari- tra ary ny tahan'ny fahaloton'ny rivotra iainana arakaraky ny toerana sy ny fotoana andrefesana azy. Ny tanjona lavitr'eza-ka dia ny hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Malagasy amin'ny fanangonana ireo antontan'isa ilaina hitantanana ireo loharanon'ny fandotoana ny rivotra iainana, sy amin'ny fiarovana ny fahasalamana sy ny fiveloman'ny mponina.
Ny volana novambra 2019, ny Masoivoho Amerikana dia nametraka fitaovana fanarahamaso ny kalitaon'ny rivotra ao aminy. Mandrefy isan'ora ireo particules fines izy io, ka ny maridrefin'ny kalitaon'ny rivotra iainana azo avy amin'izany dia sokajiana amin'ny alalan'ny loko hanavahana ireo ambana aterany ho an'ny fahasalamana. Ireo angom-baovao ireo dia zaraina amin'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetry ny Andro, avoaka amin'ny tatitra mahakasika ny loton'ny rivotra iainana, ary taterina eo amin'ny fahitalavi-pirenena ihany koa. Ny daholobe dia afaka mijery mivantana ireo angom-baovao mahakasika ny kalitaon'ny rivotra iainana ao amin'ny tranokalan'ny Masoivoho, amin'ny Twitter, ary ao amin'ny tranokala AirNow an' ny sampandraharaha Amerikana misahana ny Tontolo Iainana. Raha te-hamantatra bebe kokoa ny ezaka atao mba hampihenana ny loton'ny rivotra iainana, dia tsidiho ny tranonkala OpenAQ.org na ny tranonkalan'ny Fikambanana Afrikana momba ny kalitaon'ny rivotra iainana as4aq.org.

***Niaina***

Antsahavao Anosivavaka Ambohimanarina

# Namaha olana momba ny lalankely ny depiote Todisoa


Nidinana ifotony teny ANTSAHAVAO ANOSIVAVAKA AMBOHIMANARINA ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6, ny depiote Todisoa Andriamampandry. Namaha ny olana momba ny lalankely, izay nampisy disadisa teo amin'ny fokonolona, sy ireo izay nanao izany lalankely izany, sy ny fanomezana alalana tsy ara-dalàna nataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) izy. Mitaky hatrany ny fifampidinihana amin'ny vahoaka ity olom-boafidy ity, ny amin'ny fanantanterahana ny tetik'asa toy izao, mba hifandraika amin'ny hetahetan'izy ireo. Miantso ireo orinasa, mba hijery hatrany ny tombontsoan'ny vahoaka sy ny mpiara-miombon'antoka koa izy. Nanao hetsika nintondra sora-baventy moa ireo fokonolona teny an-toerana.

***Niaina***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 415**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0414)

| Mitsivalana | | Mitsangana | |
|---|---|---|---|
| - Fihirana | - Ady – TD | - Fiandry | - Rakitra |
| - Ezaka | - (L)iok(a) – RR | - Fody (miv) | - Akondro |
| - Takona | - Fanaony | - Hetsika | - Nana |
| - Disoinao | | - Izao | - Aomby |

### TENY MIFANAPAKA N° 415




**Mitsivalana**

**1.** Fitadiavana **2.** Manambatra – Omeo valiny **3.** Teny fiderana – Naoty (miv) **4.** Karazana tantara (miv) – Tampiska **5.** Betsaka – Fanirina **6.** Voankazo (miv) – Kianteny (miv) **7.** Mpanoritra – Lakroa **8.** Eny amin'ny Habakabaka (miv) – marina (miv) **9.** Tsy manaiky – Isa Romana **10.** Taova – Ratsy fofona (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mialoha ny lalao fanatanjahantena **B.** Karazana trondro madinika (BL) – Vovoka (miv) **D.** Aro tongotra – Lavitra tsy hita maso **E.** Karazan-damba (miv) – Fanadinana **F.** Làlam-pirenena – Mpisolo tena **G.** Zava-maniry **H.** Hekitara – Fanaon'ny mpivavaka (miv) **I.** Esorina – Varahina sy volafotsy **J.** Nifanome lesona **K.** Mpanondro – Resinao (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0414

**Mitsivalana**

**1**.Solonify **2**. Orana - Vono (miv) **3**. Lalina - Dia **4**. Rana (miv) **5**. Siny - Enina **6**. Andramana **7**. Miray (miv) - DR **8**. Faritana (miv) **9**. Ar - Na (miv) - Vary **10**. Manina - Ia

**Mitsangana**

**A** Solosaina **B**. Ora - Ina - RM **D**. Lalandrà **E**. Ony - Naniry (miv) **F**. Nana - Amany **G**. Mena (miv) **H**. Fo - Ana - Iva **I**. Indrindra **J**. O.I - Narary **K**. Avana - Fia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana, nitafa sy nihaino mivantana ny hetahetan'ny tantsaha sendra azy , tany Alakamisy Ambohimaha sy Ambohimahasoa, faritra Matsiatra Ambony.**















